**L'observateur 02/08/2014**

## Marathon de Tana 2014

# Hiditra amin'ny andiany faha 14



Hiditra amin'ny andiany faha 14 ny "*marathon international de Tana*" karakarain'ny Federasiona malagasin'ny taranja hazakazaka ny alahady 26 oktobra izao. Fantatra, fa aorinan'ny fifaninanam-pirenena dia hakatona amin'ny hazakazaka lavitr'ezaka mirefy 42,195km ny hetsika karakarain-dry zareo, ka amin'ny fifaninanana toy izao ny hamaritana sy handrefetana ireo mpilalao handrafitra ny ekipam-pirenena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Manana tanjona lehibe amin'izany ny Federasiona satria ny taona 2015 dia hanana solontena maro amin'ny lalaon'ny nosy tanterahina atsy amin'ny nosy La Réunion isika. Eo ihany koa ny fiadiana ny tompondaka afrikanina sasan-tsasany, ka mila miomana dieny izao, hoy Rtoa Ramanantsoa, filohan'ny Federasiona. Tsara ny manamarika, fa fifaninanana iraisam-pirenena ity andiany faha 14 ity, ka ho maro ireo mpifaninana kalaza avy any ivelany handray anjara toy izay efa nisy tany alaoha. Mpihazakazaka hatrany amin'ny 400 no andrasana hisoratra anarana hifaninana amin'ireo karazana halavirana 3 (marathon 42;195km, "*les foulées de Tan*" 5km, le handirun 5km). Hatreto dia mbola mitohy hatrany ny fiaraha-miasan'ny "Fma" amin'ny orinasa "*VIMA*", izay nitondra fahombiazana tokoa tao anatin'izay taona maro izay. Zava-dehibe ny fampandrosoana ny fanatanjahantena, hoy Atoa Gilles Gabillet (directeur département sport et entertainment) ao amin'ny "*Vision Madagascar*" VIMA, ka hitondrana fanampiana izany.

*Rat*

**Sport Fa 02/08/2014**

## Marathon International de Tana

# Vola be ar 1500 000 ny loka

Rehefa nijanona nandritra ny taona iray ny taranja Atletisma lavoitrezaka na ilay Marathon International de Tana dia nanapa-kevitra ny federasiona malagasin'ity taranja ity fa hamerina indray an'izany fifaninanana anisan'ny nanana ny maha izy azy izany hatramin'ny andiany lasa izay.

Tapaka ary fa hotanterahina eto Antananarivo ny andiany faha14 amin'ny alahady 26 oktobra io izany Marathon de Tana izay hazakazaka lavitrezaka mirefy 42 km. Vola be miotanetina ar 1 500 000 ar ny ho azon'ny voalohany amin'izany ary hahazo ar 1000 000 kosa ny faharoa ary ar 700 000 ny laharana fahatelo.



*Efa tompondaka lefitra tamin'io ny Atletan'ny BOA Madagasikara tamin'ny taona farany nisiany.*

### Hiara-hiasa amin'ny VIMA

Tsy handeha irery ny federasiona malagasy amin'ny fikarakarana an'io hetsika goavana io fa hisy orinasa ny Vision Madagascar na ny VIMA izay efa mpiara-miasa amin'ny federasiona malagain'ny taranja Atletisma ihany hatramin'izay.

Ny tena mampiavaka an'ity fifaninanana lavitrezaka eo amin'ny hazakazaka ity dia ny fanatrehan'ireo atleta avy any amin'ny firenena-kafa toa an'i Kenya , Ouganda ary ireo nosy akaiky atsika ary amin'ity andiany faha14 ary dia hisy ny mpifaninana avy any Eoropa asaina handray anjara amin'izany.

Ny tanjona voalohany amin'izany fifaninanana izany dia ny hanomananireo atletantsika amin'ny fiatrehana ny lalaon'ny Nosy 2015. Ny faharoa dia ho famelomana indray ny hakanton'izany fifaninanana izany.

### Hizara roa_

Mahakasika an'io hazakazaka io ary dia hisy ny hazakazaka voalohany izay ho afaka hataon'ny daholo be izay mirefy 5km nny faharoa dia ny Handi Run izay natokana ho an'ireo manana takaitra izaynhirefy 5km ihany koa. Ny farany tena goavana ny hazakzaka 42 km izay afaka handraisanan'y olon-tokana manana kara-pilalaovana sy ny isan-tarika orinasa na ny fikambanana.

Afaka misoratra anarana dieany izao ireo izay olona na orinasa liana amin'iny fiatrehana an'izany amin'ny fiantsoana ny nomeroa 03312 846 23 na ny 032 07 846 23.

**Danny**

Midi Madagascar 02/08/2014

## 14e Marathon International de Tana

# Des Kenyans et Sud-africains au départ

Le marathon international de Tanà revient le dimanche 26 octobre dans les rues de la capitale. Des coureurs kenyans et Sud-africains vont prendre le départ de cette course. *"On ignore encore le nombre des coureurs étrangers, mais, il y en aura. Ce marathon servira aussi de test pour les marathoniens locaux en vue des Jeux des Iles de l'océan Indien de La Réunion en 2015"*, a lancé la présidente de la Fédération malgache d'athlétisme Norolalao Ramanantsoa, hier au restaurant Infinity Ivandry. Pour cette 14e édition, la fédération est soutenue par Vision Madagascar, sponsor exclusif de l'événement. Outre le marathon, la course mythique par excellence, d'une distance de 42,195 km avec un parcours homologué par l'IAAF, en solo ou en équipe, les foulées de Tanà, course ouverte à tous d'une distance de 5 km seront aussi à l'épreuve. Les handicapés physiques en fauteuil roulant ne seront pas aussi en reste avec le handirun, une épreuve de 5 km. Cette compétition sera aussi la clôture de la saison pour la fédération nationale.

*T.H*